Fandaharana : STAGE 4
Firenena : MADAGASCAR
Toerana : Commune AMBALAVAO
Daty : 28 octobre 2011

Zavatra natao :

- Araka izay efa nifanarahana, dia nidina tany amin'ny Fokontany Antamboho ao anatin'ny Kaominina Ambalavao ny Mpampiofana niaraka tamin'ireo solotenan'ny Mpiofana sy ny Ben'ny Tanana tamin'ny faha 28 oktobra 2011 tolakandro.

- Nanokatra sy nandray fitenenana ny Sefo Fokontany Antamboho Kaominina Ambalavao, izay isan'ireo mpizaika namolavola ny Drafitr'asa kaominaly, ka niarahaba sy nisaotra ireo tonga nanohina ny antso ka nanatrika izao fivoriana izao, ary koa ny Ben'ny Tanàna sy ireo mpampiofana izay tonga nandeha an-tongotra.

- Rehefa avy niarahaba ny rehetra ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Ambalavao, dia nanolotra ireo mpampiofana ary nanome avy hatrany ny fitenenana tamin'ny solotenan'ny mpampiofana, dia Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin, izay tonga dia nanazava ny anton-dia. Nohazavainy ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Programa SAHA sy ny Gender Links ary ny antompisian'ny ONG Miarintsoa sy ny Fikambanana AESG

- Tao anatin'ny fandraisampitenenan'ny mpampiofana no nilazany ny fahatanterahan'ireto asa ireto :
    1. Fanazavana ny fisian'ny Fiofanana tato anatin'ny Kaominina Ambalavao
    2. Fanentanana sy fanazavana ny MIRALENTA sy ny fampandrosoana ary ny ady atao amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy

3. Fahavitan'ny Drafitr'asa momba ny miralenta sy ny ady atao amin'ny herisetra, ho an'ny Kaominina Ambalavao, izay ho ampiharina tsy ho ela

- Fandraisan'anjaran' ireo nanaraka fiofanana tamin'ny fampitana sy fampahafantarana ireo soritr'asa notsongaina tao anaty "plan d'action", izay narahany fanazavana fohy

<u>Zavatra tsapa</u> :

- Tena vaovao tanteraka tamin'ny mponina ny resaka natao mikasika ny MIRALENTA ka tena hita mihintsy fa betsaka tamin'izy ireo no mbola tsy sahy naneho hevitra tamin'ny voalohany, eny fa na dia ny mananga-tànana fotsiny aza dia mbola mijery ny hafa aloha vao sahy mananga-tànana
- Mahaliana azy ireo ny resaka ADY AMIN'NY HERISETRA MIANJADY AMIN'NY VEHIVAVY ka tena hita ho nanongilan-tsofina tokoa izy ireo
- Nahaliana azy ireo ihany koa ny resaka FAMPANDROSOANA ka nahatonga ny sasany hametraka fanontaniana ny amin'ny fomba hirosoana amin'izany

***<u>Fanontaniana nipetraka</u>* :**

1. Nazavazava aloha hatreto ny amin'ny Miralenta sy ny fampandrosoana, ka inona ary ilay fampandrosoana hiaingana?
2. Malaza ny hoe herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy, misy koa anefa ny herisetra atao amin'ny lehilahy, aiza ho aiza ny fipetraky ny Drafitr'asa amin'izay?
3. Mahakasika ny tsy fandriam-pahalemana, ny lehilahy tsy matory amin'ny alina fa miambina any an-tsaha, kanefa ny antoandro miasa mafy, aiza hoaiza ny Drafitr'asa amin'izay?
4. Raha ohatra misy toerana iray ahitana herisetra, dia afaka manantona anareo ve izahay?

<u>Valiny</u> :

1. Ny fampandrosoana iaingana izany, dia ilay andraisan'ny lahy sy vavy anjara mitovy, fa fitsinjarana asa araka ny toetra ananan'ny tsirairay ny mety hisy. Mba ho afaka handray anjara mifandanja ny lahy sy ny vavy, satria ny vehivavy dia maro an'isa foana.

2. Izay mihitsy ilay atao hoe miralenta. Mahakasika ny lahy sy ny vavy izy fa tsy natao ho an'ny vehivay irery. Eto ampivoriana izao dia mbola tsy nisy ny vehivavy nandray fitenenana.
3. Raha tsy diso ny fahalalanay, dia isan'ny soritr'asa tafiditra anaty Drafitr'asa ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpitandro ny filaminana mba tsy ho very anjevony fotsiny ny fitarainana natao. Misy ihany koa ny fananganana ny Komity izay hisahana ny fahazoana antoka ny amin'ny fahatanterahan' izay voalazan'ny Drafitr'asa
4. Izahay dia mandalo no eto Ambalavao, fa rehefa mitsangana ireo Komitin'ny miralenta, izay olona ety an-toerana ihany no mandrafitra azy ka ho voafaritra ihany koa ny fomba fiasany, dia hanao Fanamafisana ny fiaraha-miasan'ny mpitandro ny filaminana eo an-toerana sy ny mponina mba hahazoana toky fa tena raisina an-tanana marina sy amin'ny fomba mahomby tokoa ireo iharan'ny Herisetra, araka ny Drafitr'asa.

Nambaran'ireo solotenan'ny mpiofana tamin'ny fokonolona tonga nanatrika teo, fa ao aoriana kely rehefa hiara-hanatanteraka ny Drafitr'asa ny rehetra, dia ny lahy sy ny vavy no hiara-hientana mba hampsi tokoa ny fampandrosoana. Ireo fomba fanao tsy mandaitra intsony kanefa misy vokany ratsy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny fampanrosoana no hiadivan'ny miralenta.

Nandray fitenenana ny Ben'ny Tanànanan'Ambalavao, izay nilaza fa :

1. Mbola ambany ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny ankapobeny
2. Efa nisy ny zavatra natao toy ny fanentanana ny vehivavy tamin'ny fanamboaran-dalana, ary nomena tsaramaso izy ireo natao masomboly tamin'izay, ary ny zanak'ireo mitaiza latsaky ny 5 taona dia nomena koba aina.
3. Eo ihany koa fanomezana fitafiana ho an'ireo olona marefo nokarakarain'ny Fikambanam-behivavy sy ny Kaominina tamin'ireo olona miisa 240

Dia io fizarana fitafiana ho an'ny marefo teto amin'ny Fokontany Antamboho io ihany koa no namarana ny fivoriana. Ary ny sefo Fokontany Antamboho no namarana ny fotoana rehefa avy nisaotra ny rehetra.